



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana • Tanindrazana • Fandrosoana



REPUBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2025

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-60

**FANOLORANA NY VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-015/2025
TAMIN'NY 29 OKTOBRA 2025 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY TETIBOLAM-
PANJAKANA (LFI), TAONA 2026, NATAON'ANDRIAMATOANA MINISTRY NY
FITANTANAM-BOLA SY NY TOEKARENA**

Fivoriana Fahasivy
Natao ny
Alarobia 19 Novambra 2025
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA : Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry

MPITANTSORATRA : - Andriamtoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- Ramatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine

FOTOANA : Alarobia 19 Novambra 2025 tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA : Fanolorana ny Volavolan-dalàna laharana faha-015/2025 tamin'ny 29 Oktobra 2025 momba ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana (LFI), taona 2026 nataon'Andriamatoa Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena.

Nitohy ny Alarobia 19 Novambra 2025 tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatontosa izany, Ramatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatanterahany izany, Andriamatoa Filoha sady nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Niangavy an'Andriamatoa Minisitry ny tenany mba handroso eny anoloana hanolotra amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-015/2025 tamin'ny 29 Oktobra 2025 mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2026.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa izao fanolorana izao dia natao hanampy ny Solombavambahoaka amin'ny famakiana sy hahazoana ireo fotokevi-dehibe nentina nandrafitra izany Volavolan-dalàna izany.

Nomarihany koa fa fihainoana ny famelabelarana ankapobeny no atrehana anio fa tsy hiditra amin'ny adihevitra antsipiriany aloha satria mbola handalo asam-baomiera ny Volavolan-dalàna laharana faha-015/2025 aorian'izao fanolorana izao.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa RAMIARISON Herinjato Aimé, Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena.

Fiarahabana an'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena sy mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ary ny Solombavambahoaka rehetra no voalohan-tenin'Andriamatoa Minisitry.

Nambarany fa toy ny fanao isan-taona, ho fampiharana ny andininy faha-92 ao amin'ny Lalàmpanorenana, tonga eto amin'ny Antenimierampirenena ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena hanolotra amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-015/2025 tamin'ny 29 Oktobra 2025 mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2026.

Nomarihany fa nankatoavina teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitry tamin'ny 29 Oktobra 2025 izao Volavolan-dalàna hovelabelarina izao.

Nambarany fa zava-dehibe ho an'ny firenena ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana satria miankina amin'izany daholo ny fanatanterahana ny asa rehetra hatao eto amin'ny tany sy ny fanjakana amin'ny taona 2026 na eo amin'ny lafiny fanangonan-ketra izany na eo amin'ny fampiasam-bolam-panjakana.

Nomarihany koa fa ny fisian'ny lalàna tsy voafidy dia miteraka fikatoana amin'ny fiainam-pirenena. Izany no antony nametrahana ity Volavolan-dalàna ity ara-potoana taty amin'ny Antenimierampirenena araka ny andininy faha-46 momba ny Lalàna Fehizoro mikasika ny fitantanam-bola mba ho azo antoka ny fitohizan'ny raharaham-panjakana.

Nambarany koa fa hisy ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny Minisitry sy ny Solombavambahoaka amin'ny fandinihana ity Volavolan-dalàna hifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2026 ity.

Araka ny nahitana azy omaly Talata 18 Novambra 2025 dia natolotra teto ihany koa ny Politikam-panjakana Ankapobeny ho an'ny Fanavaozana Ifotony (PGE-R).

Maro ny vina napetraka ao amin'izany PGE-R izany ka ity volavolan-dalàna ity dia fitaovana iray entina manatanteraka azy ireo. Mamaly ny laharam-pahamehana miisa enina napetraky ny fitondrana koa ity volavolan-dalàna ity, toy ny ny filàna fototry ny vahoaka Malagasy, ny fisitrahana angovo, ny fahasalamana ho an'ny rehetra, ny fanabeazana tsara kalitao, ny fisitrahana rano fisotro madio, ny famoronana asa sy hafa ihany koa.

Raha miresaka fampiasam-bola, tsy maintsy voaresaka koa ny fampidiram-bola, ka hojerena ao anatin'izay ny fanentanana ara-toekarena na ny "relance économique" sy ny fanavaozana samihafa mba hanamafy orina ny orinasa malagasy izay miantoka ny fampidiran-ketra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana.

Mba ho fampandrosoana ny firenena dia mitaona ny rehetra hiara-hientana satria ilaina ny firaisankina amin'izay lafiny izay.

Ny sehatra tsy miankina dia anisan'ny mampiroborobo ny toekarena, fa ny fanjakana kosa manatsara ny sehatry ny fihariana. Manampy izany, eo koa ny vahoaka izay fototry ny fampandrosoana rehetra satria izy ireo no angady nanana sy vè nahitana ny famokarana.

Toy izao no momba ity volavolan-dalàna hifehy ny tetibolam-panjakana, taona 2026 ity. Mizara 6 mazava tsara ity tetibola ity.

Voalohany, ny fitodihan'ny tetibolam-panjakana, taona 2026 (orientations générales du PLF 2026).

Ny lalan-tsaina nentina namolavolana azy no hasiana teny mialoha. Maro ny zavatra mila tsinjovina rehefa mandrafitra tetibola tahaka izao satria iankinan'ny fiainam-pirenena izany.

Raha lazaina fohy, zavatra roa no ilana fandanjalanjana amin'ny famolavolana ny tetibola: ao ny fampidiran-ketra, ao koa ny fitsinjarana ny fandania.

Maro ny filana amin'ny sehatra sosialy sy ny fotodrafitrasa kanefa voafetra ny vola miditra ka izay no ilazana fa ilaina ny fandanjalanjana. Izany hoe, tsy mamono ny orinasa kanefa mahavita ny laharam-pahamehana ihany koa. Izay no itenenana hoe, ny vola miditra dia tsy maintsy mitsinjo famokarana, ny fandania tsy maintsy mitsinjo vokatry.

Mikasika ny fampidiram-bola, tsy maintsy arahina fanatsarana ny famokarana ny fanalefahana ara-ketra. Ohatra amin'izany ny fanalefahana ara-ketra omena ny orinasa. Izany hoe, ajanona ny fanomezana tombotsoa kanefa tsy misy takalony amin'ny fiakaran'ny vokatry. Ampiharina ny ady amin'ny hosoka amin'ny alàlan'ny haitao ara-kajy mirindra ary manomboka izao dia tsy maintsy maneho taham-pahombiazana ny orinasa misitraka tombotsoa.

Eo amin'ny lafiny fandania, misy ny famaritana ny laharam-pahamehana, ka anisan'izany ny fampiakarana ny tahan'ny karama sy ny fisotroan-dronono ho an'ny mpiasam-panjakana, ny fampihenana ny fandania amin'ny fampandehan-draharaha ary ny fanaovana laharam-pahamehana hentitra ny fampiasam-bolam-panjakana, ny fisitrahana jiro sy rano, ny fitazonana ny ezaka efa natao amin'ny sehatry ny fampianarana. Ireo no anisan'ny zavadehibe amin'ny fandaniam-bolam-panjakana avy amin'ny famatsiam-bola anatin'ny.

Iaraha-mahalala fa tsy afaka mampiasa vola ny fanjakana raha tsy mampiditra izany mialoha. Hezahana ny hampidi-bola ho an'ny fanjakana sady hatsaraina ihany koa izany.

Mitaky fahaiza-manao ny fitsinjarana ny fandania. Raha ho an'ny antonon'ezaka (moyen terme), hisy ny ezaka hanenana ny fandania amin'ny fampandehan-draharaha ary hampiakatra ny fampiasam-bola na ny "investissement" izay miantoka ny fampandrosoana eto an-toerana.

Faharoa, mikasika ny tondro ara-toekarena (indicateurs macroéconomiques):

Raha ny antontan'isa ara-toekarena no jerena nanomboka ny volana Janoary ka hatramin'ny volana Aogositra teo, tomanana ho 4,6% ny fitombon'ny tahan'ny harin-karena faobe amin'ity taona 2025 ity. Ezahana kosa ny hanatratrana 4,8% izany taha izany amin'ny taona 2026.

Raha oharina amin'ity taona ity, ahitana fiakaran'ny avokoa ny vokatry ny seha-pihariana rehetra na ny sehatra voalohany (secteur primaire) na ny faharoa (secteur secondaire) na ny fahatelo (secteur tertiaire) amin'ny taona 2026. Izany dia noho ireo tetikasa sy fanapahan-kevitra noraisina mba hoentina amin'ny hanavaozana an'i Madagasikara ; toy ny fanatsarana ny famatsiana jiro sy rano, fanatsarana ny fotodrafitrasa, ny sehatry ny fambolena ary ny fijerena manokana ny mahaolona.

Raha ny fiakaran'ny vidim-piainana kosa, tomanana hihalefy izany amin'ny taona ho avy io. Izany hoe, 7,1% eo ho eo raha 8,2% izany amin'ity taona 2025 ity. Vokatry ny fidinan'ny vidin'ny solika eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy ny fiaraha-miasa amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara izay mifehy ny lafiny politika ara-bola no anton'izany.

Raha jerena ireo seha-pihariana telo ireo dia toy izao no azo andravonana azy:

Eo amin'ny seha-pihariana voalohany, hahatratra 6,4% ny fiakaran'ny vokatra, ka ny fambolena no hitarika io fiakaran'ny amin'ny alàlan'ny fanavaozana ny fotodrafitrasa momba azy mba hitsinjovana ny tantsaha.

Kasaina koa ny hampiakatra ny voka-bary isaky ny hektara sy ny fanitarana ny velaran-tany azo volena ary ny fizarana masomboly sy fitaovam-pamokarana.

Eo amin'ny seha-pihariana faharoa kosa, heverina hiakatra 3,3% ny vokatra amin'ny alàlan'ny famokarana angovo, izay heverina ho +1,3% ka hiteraka fanatsarana amin'ny famatsiana rano sy jiro. Noho izany, hihatsara koa ny vokatra amin'ny sehatry ny indostria eto amintsika.

Ankoatr'izay, hitombo 11,7% ny famokarana ny akoraentina anorenana (matériaux de construction).

Eo amin'ny seha-pihariana fahatelo indray, vinavinaina hiakatra 6,1% izany amin'ny taona 2026 noho ireo asa vaventy isan-karazany, toy ny fanamboaran-dàlana hatao. Fanampin'izay, hisy fitomboana ny vokatra amin'ny sehatry ny fizahantany izay mety hiakatra 15%. Hisy koa ny fitombon'ny sidina iraisam-pirenena mampifandray an'i Madagasikara sy ireo firenena hafa. Ao anatin'izay, ny resaka « destination Madagascar » izay hampahafantarana antsika any ivelany.

Fahatelo, mikasika ny vola miditra (recettes fiscales); tombanana ho 5 101,3 Miliara Ariary ny vola miditra amin'ny alàlan'ny hetra anatin'ny amin'ity taona ity. Vinavinaina ho 6 221,7 Miliara Ariary kosa izany amin'ny taona 2026. Izany hoe, hisy fiakaran'ny 10,54%.

Ireto avy ireo fepetra hoentina manatanteraka izany vinavina amin'ny taona 2026 izany:

Ao ny fepetra ara-ketra (mesures fiscales), ny fepetra ara-panjakana (mesures administratives). Ireo hita amin'ny tabilao eo anoloana ireo ny vola heverina hiditra araka ny karazan-ketra misy eto amintsika.

Amin'ny ankapobeny, 73,42% amin'ny vola azo avy amin'ny haba tataom-bidy no tena mandrafitra ny vola miditra ato anatin'ny. Ireto telo ireto no mameno ny karazan-ketra miditra ho antsika: ny TVA, ny IR (Impôts sur les Revenus) ary ny "droit d'accises".

Efa voalaza teo fa hiakatra 10,54% ny vola hiditra avy amin'ny hetra anatin'ny ary ny ahitana fiakaran'ny be indrindra amin'izany dia avy amin'ny TVA.

Toy izao kosa no làlan-tsaina nentina nandrafetana ny hetra (orientations de la politique fiscale) : ny fanetsehana misimisy kokoa ny fampidiram-bola araka ny hetra anatin'ny; ao koa ny fanamafisana ny fitantanana mangarahara ary ny fandrindrana ny fitsipika ara-ketra izay iadiana amin'ny kolikoly. Misy ny fandraisana anjara amin'ny fiarovana ny tontolo iainana, satria miteraka vesatra lehibe ho antsika ny fahasimban'ny tontolo iainana na ara-toekarena izany na ara-tsosialy. Ohatra, ny haba aloa amin'ny fiara.

Misy koa ny ady atao amin'ny hosoka ara-ketra amin'ny alàlan'ny fanohizana ny paikady amin'ny fampiasana ny teknôlôjia nomerika, toy ny fampiasana ny SAFI na ny "Système d'Administration Fiscale Intégrée", ny fampiasana ny faktiora elektrônika.

Fahaefatra, ny vola miditra avy amin'ny fadintseranana (recettes douanières) :

Antenaina hisy fiakarana eo amin'ny 15% izany amin'ny taona 2026 raha ampitahaina amin'ity taona 2025 ity.

Hahatratra 5 026 Miliara Ariary ny hetra avy amin'ny fadintseranana amin'ny taona 2026 raha 4 366 Miliara Ariary izany amin'ity taona ity.

Ny haba sy hetra alaina amin'ny solika dia hahatratra 1 219,7 Miliara Ariary raha 3 796,6 Miliara Ariary ny avy amin'ny entam-barotra hafa.

Raha ny hetra ho azo avy amin'ny solika dia ho kely satria mety hisy fitotongan'ny vidin'ny solika eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Mikasika ny fanovàna entina eo amin'ny fadintseranana kosa, mizara efatra lehibe ny fepetra horaisina ao amin'ny fadintseranana mba hahatratrarana ny vina:

Voalohany, ny fampifandrindrana ny lalàna mifehy ny fadintseranana amin'ny torolàlana avy amin'ny Fadintseranana Iraisam-pirenena. Ohatra, ny fanavahana ny fiara elektrika sy ny fiara mandeha amin'ny solika.

Faharoa, ny fametrahana amin'ny fomba matotra kokoa ny famaritana ny sandan'ny entana sy ny fiaviany.

Fanarahana ny fepetra napetraky ny mpamatsy vola izay nekena tamin'ny fifanarahana FEC sy ny FRD. Ohatra amin'izany, ny tataon-kaba amin'ny solika mandoto tontolo iainana.

Misy ny fanamafisana ny fitsirihana sy fanaraha-maso ireo entana afindra avy amin'ny fadintseranana iray mankany amin'ny hafa na "marchandise en transit" kanefa mbola tsy nahaloha haba.

Ireo fepetra ara-ketra sy fadintseranana dia natao hanentanana ny seha-pamokarana fa tsy hakana vola fotsiny. Anisan'izany ny fampidinana ho 3% ny hetra tambatra na ny "impôt synthétique" ho an'ireo mpandao hetra madinika hiditra amin'ny fandoavan-ketra.

Ny fampiharana ara-drariny ny fameran-ketra na ny "équité fiscale" ho an'ireo mpandao hetra salantsalany mba hahafahan'izy ireo misafidy ny famerana ny vola miditra tsy iharan'ny TVA.

Nisy koa ny fangatahan'ny sehatra avy amin'ny "agribusiness" hitazonana ny tsy fandoavan-ketra na ny "détaxation" amin'ny entana afarany mba hahafahan'ireo sehatra ireo miantoka ny "relance économique". Misy ihany fepetra mampiato ny fandoavana haba na "suspension de droit et taxe à l'importation" ho an'ireo orinasa manafatra akora fototra ary manodina izany ho lasa vokatry fanondrana. Marihana fa tsy voatery ho orinasa afakahaba izy ireo.

Mikasika ny fandania (dépenses) kosa, nampiharina ny lalan-tsaina hoe fandania mikendry vokatry (rationalisation des dépenses). Ho an'ny taona 2026, mitentina 15 784,3 Miliara Ariary ny fandania. Izany hoe, niakatra 4,49% raha oharina amin'ny taona 2025.

Ho an'ny karama manokana, hisy fiakarana 26,16% ny fandoavana azy. Hofitsiniovana ny mpiasam-panjakana sy hamaliana ny hetahetan'izy ireo dia hisy ny fampiakarana karama amin'io taona 2026 io.

Antony iray nampiakatra ny fandoavana ny tetibola natokana ho an'ny karama koa ny fandraisana ho mpiasam-panjakana vaovao, indrindra ao amin'ny fanabeazana.

Ho an'ny fampiasam-bola anatin'ny indray, amin'izany no ampiasana ny hoe fandanianana mikendry vokatry araka ny voalaza tany aloha. Nisy tetibola nampiakarina, tao koa ny nampidinina satria ny fandanianana hatao dia kendrena hitondra vokatry ho an'ny firenena.

Mikasika ny fampiasam-bola ivelany kosa, hiakatra 16% eo ho eo amin'ny taona 2026 izany araka ny vinavinam-pamoaham-bola nataon'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola na ny PTF eto amintsika.

Araka ny fantatry ny rehetra, ity tetibola ity dia fitaovana iray entina manatanteraka ny politikam-panjakana izay mitodika amin'ny laharam-pahamehana miisa 6, ka ireto avy izany:

- fisitrahana angovo (accès à l'énergie),
- fisitrahana rano fisotro madio (accès à l'eau potable),
- fahasalamana ho an'ny rehetra (santé pour tous),
- fanabeazana tsara kalitao sy ny fanofanana mifanentana (éducation de qualité et formation adaptée),
- famoronana asa sy fanohanana ny fandraharahana (création d'emplois et appui à l'entrepreneuriat),
- firaisankinam-pirenena sy fampandrosoana andraisan'ny rehetra anjara (solidarité nationale et développement inclusif).

Ao anatin'ity tetibolam-panjakana ity dia hisy ireo fepetra samihafa hoentina manatanteraka izany.

Toy izao manaraka izao ny momba azy ireo:

- Ho an'ny fisitrahana angovo, hisy ny fiampitana amin'ny angovo azo avaozina, ny fanarenana ny JIRAMA ary ny sorabola ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana na ny PIP misoratra ao amin'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoran'Afo.

- Ho an'ny fisitrahana rano fisotro madio, misy sorabola ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana (PIP) misoratra amin'ny Minisiteran'ny Rano sy Fahadiovana ary ny Fanadiovana, izay hametrahana "pipeline" lehibe.

- Momba ny fahasalamana ho an'ny rehetra, hakarina ny "indemnité de risques" ho an'ny mpiasan'ny Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka; hisy koa fanomezana "postes budgétaires" miisa 500. Ahitana fampiasam-bola na PIP ihany koa ao amin'io Minisitera io.

- Ho an'ny fanabeazana tsara kalitao sy ny fanofanana mifanentana, hisy ny fampiakarana ny "indemnité de craie" ho an'ny mpampianatra sy ny fitazonana ny fanampiana ara-bola azy ireo, ny fampitomboana ny sorabola momba ny vatsim-pianarana, ny "subvention" omena ny sekoly ary fanomezana "postes budgétaires" miisa 9 000 ho an'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena; miisa 100 kosa izany ho an'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony.

- Mikasika ny famoronana asa sy fanohanana ny fandraharahana, hisy ny fanomezana "postes budgétaires" miisa 200 ho an'ny Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana arak'Asa. Hisy ny fanamafisana ireo asa efa natao amin'ny fiarovana ny fandriampahalemana. Hiakatra ny PIP ho an'ireo Minisitera misahana ny fandriampahalemana eto amintsika.

Hisy fanomezana “postes budgétaires” miisa 3 300 ho azy ireo. Hiakatra ny PIP ho an’ny Minisiteran’ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana arak’Asa.

- Momba ny firaisankinam-pirenena sy fampandrosoana andraisan’ny rehetra anjara kosa, hisy ny fampiakarana ny « indemnité de logement » sy ny fisotroan-dronono, hisy ny soarabola hikorakorana ny fikaonandoham-pirenena, hisy koa ny sorabola fampiasam-bolam-panjakana PIP natokana ho an’ny fanamboaran-dàlana.

Misy koa vola alefa any amin’ny CTD, izay miseho amin’ny endriny samihafa, toy ny fampandehanan-draharaha ho an’ny Faritra sy ny Kaominina, ny karaman’ny Sefo Fokontany sy ny Lefiny ho an’ny taona 2026 sy izay karama mbola tsy voaloha teo aloha. Ao koa ny CIAD izay natao ho laharam-pahamehana ao anaty tetibola mba hanaovana asa fampandrosoana any amin’ny Distrika.

Farany, ny fifandanjan’ny tetibola amin’ny ankapobeny (équilibre général du budget).

Eo amin’ny lafiny fandania, mitotaly 17 894 Miliara Ariary izany, ka toy izao no fitsinjarana azy: ny karama sy ny tambin-karaman’ny mpiasam-panjakana dia mitentina 5 149,5 Miliara Ariary. Ny fandania-bola amin’ny fampandehanan-draharaha, mitentina 1 722,3 Miliara Ariary. Ny zanabolan’ny trosa dia mitentina 980,4 Miliara Ariary ary ny fampiasam-bola anatin’ny sy ivelany dia mitentina 9 108,5 Miliara Ariary. Ny fandania hafa kosa dia mitentina 933,5 Miliara Ariary.

Raha ny vola miditra indray, mitotaly 13 899,3 Miliara Ariary izany, ka mitsinjara toy izao manaraka izao: ny hetra sy ny haba dia 11 247,7 Miliara Ariary no totaliny. Ny fidiram-bola avy amin’ny hetra dia 285,4 Miliara Ariary, ny fanampiana ara-bola tsy averina dia 2 366,2 Miliara Ariary no totaliny. Ny 99% amin’ireo dia fanampiana ara-bola avy any ivelany izay tsy averina.

Tsy mifandanja ny vola miditra sy mivoaka ka miteraka ny atao hoe “déficit budgétaire” mitentina 4 194,8 Miliara Ariary.

Amin’izay lafiny izay, mizara roa ny famatsiana an’io “déficit budgétaire” na fanentsenana ny banga io: ny iray dia ny fitrosana avy amin’ny famatsiana ato anatin’ny, izay mitentina 141,9 Miliara Ariary. Io no antsoina hoe “bon du trésor”.

Ny faharoa, ny fifandanjan’ny findramam-bola avy any ivelany, izay mitentina 4 052,9 Miliara Ariary. Ny findramam-bola ho an’ny tetikasa isankarazany dia mitentina 4 711,5 Miliara Ariary. Ny fanampiana ny ara-tetibola na ny “aide budgétaire” dia mitentina 585,8 Miliara Ariary ary ny famerenan-trosa izay vola haloa dia mitentina 1 244,4 Miliara Ariary.

Raha bangoina ny fifandanjan’ny tetibolam-panjakana dia mitentina 14 493 Miliara Ariary ny vola miditra ho an’ny taona 2026 ary mitentina 18 798,9 Miliara Ariary kosa ny fandania-bola. Mifandanja 38,7 Miliara Ariary ny tetibola anatin’ny na ny “budget annexe” izay tahirim-pirenena ihany no sisa ao aminy.

Raha ny kaonty manokan’ny Tahirim-bolam-panjakana kosa, mitentina 2 651,6 Miliara Ariary ny vola heverina hiditra amin’ny taona ho avy io ary mitentina 2 836,6 Miliara Ariary indray ny fandania-bola.

Mitentina 11,3 Miliara Ariary ny vola hiditra amin'ny tamberin'ny vidin'entana amin'ny fanomezana avy any ivelany na ny "fonds de contre valeur", raha 5,5 Miliara Ariary no fandaniam-bola heverina holaniana ao anatin'io "fonds de contre valeur" io.

Mitentina 9 605 Miliara Ariary ny vola hiditra amin'ny "opération en capital de la dette publique", raha heverina ho 5 119, 9 Miliara Ariary ny fandaniana hatao ao aminy.

Ny tetibola amin'ny taona 2026 dia vinavinaina hifandanja amin'ny 26 799,7 Miliara Ariary.

Izay raha lazaina amin'ny ankapobeny ny fanolorana ny Volavolan-dalàna laharana faha-015/2025 tamin'ny 29 Oktobra 2025 mifehy ny tetibolam-panjakana, taona 2026. Marihana fa ny antsipiriany dia hiarahana mandinika lalindalina kokoa any amin'ny asam-baomiera.

Fisaorana ny rehetra naharitra nihaino azy hatramin'ny farany no namàranan'Andriamatoa RAMIARISON Herinjato Aimé, Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena ny fitenenany.

Fisaorana koa no natolotr'Andriamatoa Filoha azy tamin'ny fanazavana sy famelabelarana ny Volavolan-dalàna hifehy ny tetibolam-panjakana, taona 2026 izay nataony.

Nomarihany koa fa tsy hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory satria mbola handalo asam-baomiera ity volavolan-dalàna ity ary araka ny voalaza teo, any no mandalina misimisy kokoa sy mitondra adihevitra ny Solombavambahoaka.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nanamarika Andriamatoa Filoha, fa hisy fifidianana hatao mikasika ny mpikambana handrafitra ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana na ny CENI satria narary ny olona nofidian'ny Antenimierampirenena tamin'izany toerana izany nandritra ny roa taona. Ny Fitsipika Anaty mifehy azy dia manambara fa rehefa tsy manatrika fivoriana matetika dia karazan'ny efa manala tena tsy ho mpikambana intsony.

Noho izany, hiova ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena. Koa anio tolak'andro, amin'ny 3 ora, hisy ny asam-baomiera, ka voakasika amin'izany ny Vaomieran'ny Vola sy ny Toekarena, ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana ary ny Vaomieran'ny Lalàna, hatao ao amin'ny "Salle BP" ny fivoriana, ka ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2025 momba ny lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2026 no hodinihana amin'izany.

Marihana fa mbola hitohy ny Alakamisy 20 Novambra 2025 sy ny Zoma 21 Novambra 2025, amin'ny 9 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro izany asam-baomiera izany.

Niato tamin'ny 12 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry